# Mpanetsika ifotony




BOKY MPAMPIOFANA

# LASI-PIOFANANA

## Mpanetsika ifotony



# TENY FANOLORANA



*Ny famolavolana ity lasi-piofanana ity dia miainga amin'ny finiavan'ny Tetikasa Rural Access to New Opportunites of Water, Sanitation and Hygiene (RANOWASH) hampahalala, hanatsara sy hampaharitra ny asa fitandroana ny zo fototra sy fisitrahana feno ny tolotra rano, fanadiovana sy fidiovana. Io tetikasa io dia tanterahin'ny CARE, CRS, WATERAID, BUSHPROOF ary SANDANDRANO. Ny Governemanta amerikana no mamatsy vola azy amin'ny alalan'ny USAID-Madagascar.*

*Misehatra amin'ny kaominina miisa 250 manerana ny faritra 7 eto Madagasikara (Vatovavy, Fitovinany, Alaotra Mangoro, Atsinanana, Vakinankaratra, Amoron'i Mania, Matsiatra Ambony) ny Tetikasa ary maharitra enina taona (2017 - 2023). Mikendry ny hisitrahan'ny olona rehetra ny tolotra rano, fanadiovana ary fidiovana lovainjafy mba hanatsarana ny fahasalamana, ny fiahiana ara-tsakafo ary ny fitandroana ny tontolo iainana ny tetikasa RANOWASH.*

*Ity lasi-piofanana ity dia anisan'ireo fiofanana miisa 11 notanterahin'ny tetikasa ary nohavaozina nandritra ny volana Aogositra ka hatramin'ny Oktobra 2021. Ahitana lohahevitra isan-karazany mifamatotra amin'ireo tanjona stratejika telo : (i) fanamafisana ny fitantanana sy ny fanaraha-maso ny rano, fanadiovana sy fidiovana; (ii) fampitomboana ny fandraisan'anjaran'ireo sehatra tsy miankina amin'ny fanomezana ireo tolotra rano, fanadiovana sy fidiovana; (iii) fanafainganana ny fanatanterahana fitondran-tena ara-pahasalamana sy ny fampiasana io tolotra io. Omena lanja manokana koa ny miralenta ahafahan'ny rehetra misitraka sy mandray andraikitra amin'ny fahazoana ny tolotra rano, fanadiovana sy fidiovana.*

*Ity lasi-piofanana ity dia fitaovana enti-mampiofana ahitana ny boky ho an'ny mpampiofana ary boky ho an'ny mpiofana ary tahirin-kevitra samihafa azo ampiasain'ireo mpampiofana sy mpanatanteraka tetikasa ampiasaina. Novolavolaina izao lasi-piofanana izao hahafahana manaparitaka ireo fomba fiasa sy dingana ara-teknika mahomby, mitsinjo ny faharetan'ny zava-bita.*

*Tolorana fisaorana sy fankasitrahana feno ireo mpiara-miasa, mpiantsehatra sy mpiara-miombon'antoka ara-teknika sy ara-bola nanolotanana tamin'ny fahavitan'izao famolavolana ny lasim-piofanana izao.*

# FIRAFITRY NY BOKY FAMPIOFANANA

Ity lasim-piofanana ity dia ahafahana manjohy sy manombana ireo voaray rehetra eo am-pidirana, mandritra sy amin'ny fiafaran'ny fiofanana, ahitana ny Boky ho an'ny Mpampiofana sy Boky ho an'ny Mpiofana.

Votoatin'ny lasim-piofanana dia ahitana ny :

### Ho an'ny Bokin'ny Mpampiofana :

- Fintina isaky ny fotokevitra (module) : maneho ny tanjona, ny votoatiny, ny faharetany.
- Famelabelarana ny fandaharam-piofanana : ahitana ny fivoaran'ny fampiofanana, fomba fampiofanana, ny lesona, ny fampiharana isaky ny lohahevitra.
- Fomba fampitàna ny fiofanana : maneho ireo fomba, teknika sy hetsika isan-karazany, hampitàna ny fiofanana.
- Pejy fitaratra : raha mampiasa "videoprojecteur" dia misy ireo pejy fitaratra entina maneho sy mamintina ny votoatin'ny fiofanana ho an'ny mpiofana.

### Ho an'ny Bokin'ny Mpiofana :

- Fintina isaky ny fotokevitra (module) : maneho ny tanjona, ny votoatiny, ny faharetany.
- Famelabelarana ny votoatin'ny fiofanana : ahitana ireo fomba enti-mampita ny fiofanana, ireo pejy fitaratra entina maneho sy mamintina ny votoatin'ny fiofanana ho an'ny mpiofana, ireo voambolana tsara ho tadidy, ireo fampiharana isan-karazany izay manaraka ny fizotry ny fiofanana.

# FINTINA MOMBA NY FOTOKEVITRY NY FIOFANANA

## Fampidirana

Ity fiofanana ity dia natokana ho an'ireo Mpanetsika Ifotony izay manome tantsoroka ny tokantrano mba hanatanterahany ireo fihetsika ara-pahasalamana momba ny Rano, Fanadiovana sy Fidiovana (RFF)".

Ny mpanetsika ifotony dia mpilatsaka an-tsitrapo eny anivon'ny Kaominina, miara-miasa akaiky amin'ny sampan-draharaha teknika misahana ny rano, fanadiovana sy fidiovana sy ireo mpanetsika ara-pahasalamana samihafa eny anivon'ny fiaraha-monina toy ny Mpanentana ara-pahasalamana na "Agents Communautaires" (AC).

## Tanjona ankapobeny

Ireo mpiofana dia mahay ireo tanjona fototry ny filatsahana an-tsehatra ny Mpanetsika ifotony na Promoteurs locaux (PL).

## Tanjona manokana

Ireo tanjona manokana :

- Mahafehy ireo tanjona sy ny paikadin'ny kaominina momba ireo fihetsika ara-pahasalamana mifandray amin'ny sehatry ny rano, fanadiovana, fidiovana sy ny fanjifana ireo tolotra matihanina mifandray amin'zany ireo Mpanetsika Ifotony;
- Mahafehy ny teknika ahafahana manova ny fihetsik'ireo tokantrano sy fiaraha-monina hanaovana tantsoroka ireo Mpanetsika Ifotony;
- Mahay mitondra hetsika fiovam-pihetsika ara-pahasalamana eny anivon'ny fiaraha-monina sy ny tokantrano ary afaka miara-miasa amin'ireo mpamokatra sy mpanome tolotra momba ny rano, fanadiovana, fidiovana.
- Manaiky ho modely sy mpitarika ny fiaraha-monina amin'ny fanatanterahana ireo fihetsika ara-pahasalamana RFF ireo PL.

## Mpiofana

Ireo mpiofana handrasana hanaraka ity fiofanana ity dia ireo olona na vondron’olona izay miara-misalahy amin’ny kaominina sy ireo mpiara-miombon’antoka amin’ny sehatra tsy miankina, fikambanana samihafa, sns.

Ny Mpanetsika ifotony dia:

- Mponina ao amin’ny kaominina
- Mahay mifandray aman’olona
- Mahay mamaky teny sy manoratra
- Manatanteraka ireo fihetsika ara-pahasalamana mikasika ny rano, fanadiovana, fidiovana
- Vonona ny hampifandray ireo mpivarotra tolotra RFF toy ny mpitantana rano, mpanamboatra kabone, mpanjaitra salaka amin’ireo tokantrano, sns.
- Olona vonona hiara-hiasa amin’ny kaominina sy mpiara-miombon’antoka aminy
- Olona hiara-hiasa amin’ny sehatra tsy miankina amin’ny fivarotana ireo tolotra mahakasika ny rano, fanadiovana, fidiovana.

## Mpampiofana

Ny mpampiofana dia solontenan’ny Kaominina sy/na solontonenan’ny Mpiara-miombon’antoka amin’ny sehatry ny rano, fanadiovana, fidiovana.

## Fomba fampitàna ny fiofanana

Amin’ny ankapobeny, ny fomba fampiofanana dia mampiasa ny :

i) Fomba fampiofanana olon-dehibe, manome lanja ny fandraisan’izy ireo anjara feno amin’ny fanovozana ny fanamafisana ny fahaiza-manao, ny traikefa, ny fanatanterahana ny fiofanana mifanaraka amin’ny zava-misy eny ifotony, indrindra ny fampiharana.

ii) Fanamorana : Ny mampiofana dia mpanamora mahay mampandray anjara ny mpiofana mandritry ny fiofanana ahafahan'izy ireo efa mampihatra ny fahaiza-manao azo.

## Tombana

Ny tomban'ny fiofanana dia atao amin'ny alalan'ny :

1. Fanangonana ireo tiana handrasana eny am-panomboana ny fiofanana sy fanamarinana ny fahatratrarana izany amin'ny fiafarany
2. Fanokanana fotoana fametrahana fanontaniana sy fitondrana valiny arahina fampandraisana anjara mavitrika ny mpiofana
3. Fanombanana arahina fanolorana ny vokatra isan'andro
4. Fanombanana amin'ny fiafaran'ny fiofanana.

## Fitaovana ilaina

- Toerana fiofanana
- Fitaovana isan-karazany : videoprojecteur, solosaina, penina, taratasy
- Boky ho an'ny Mpampiofana sy Mpiofana
- Fisy isan-karazany, toy ny fisy fanaovana tombana
- Taratasy lehibe fanoratana
- Taratasy fotsy
- Taratasy madinika maroloko na "Cartes Visualisation pour Programmes participatifs (VIPP)"
- Fitaovana entin'ny mpanetsika ifotony hanaovana tantsoroka ny tokantrano (ohatra: boky fanamorana; kahie fanoratana ireo fihetsika RFF tanterahin'ny tokantrano na fisy PL; marika omena ny tokantrano rehefa mahatanteraka ireo fihetsika toy ny kisary felam-boninkazo sns.)

## FINTIN'NY LOHAHEVITRA

| Andiany | Lohahevitra | Faharetany (minitra) |
|---|---|---|
| **Fampidirana ny fiofanana** | 1. Fandraisana ny mpiofana<br>2. Fandaminana<br>3. Andrasana amin'ny fiofanana<br>4. Fanehoana ny votoatin'ny fiofanana<br>5. Fanaovana tombana | 30 min |
| **Andiany 1.** | Ny Mpanetsika ifotony na "Promoteur Local (PL)" | 45 min |
| **Andiany 2.** | Ireo fihetsika ara-pahasalamana amin'ny rano, fanadiovana, fidiovana sy ireo tolotra mifandray amin'izany | 60 min |
| **Andiany 3.** | Ireo tokantrano hanaovana tantsoroka mandritry ny hetsika "tokantrano mpitarika" | 165 min |
| **Andiany 4.** | Ireo fitaovana entina hanaovana tantsoroka ny tokantrano | 120 min |
| Tombana isan'andro sy amin'ny fiafaran'ny fiofanana | | 30 min |
| **Totaly** | | 450 min |



# FIZOTRY NY FAMPIOFANANA

# FAMPIDIRANA

## Tanjona :

**Aorian'ity andiany ity, ny mpiofana dia :**

- **Mifankahalala sy mifanakalo hevitra sy traikefa mandritra ny fiofanana**
- **Tompon'andraikitra amin'ny fizotry ny fiofanana ary mandray anjara.**

<table>
<tr><th>LOHAHEVITRA</th><th>VOTOATINY</th></tr>
<tr><td>Fampidirana ny fiofanana</td><td>

<h3>1. Fandraisana ny mpiofana</h3>

- Manolotra ny teny fandraisana<br>
- Mifankafantatra ary mametraka ny fifampitokisana mandritra ny fiofanana sy manala ny elanelana<br>
- Fampahafantarana ny votoatiny sy ny fandaminana ny fiofanana.<br>
Mametraka ny fifandraisana tsy misy elanelana eo amin'ny mpandray anjara.<br>
Afaka mampiatra ny traikefany ny mpampiofana na manentana ny mpandray anjara hanao ny fampifandraisana.<br><br>

- Fifampizarana ny andraikitra eo amin'ny samy mpiofana ahafahana mametraka fiofanana milamina ; mampiatra ny fomba fiasa « AILE » isam-bondrona.
<ul>
<li>A : Animation na Fanentanana</li>
<li>I : Information na Fizarana vaovao</li>
<li>L : Logistique na Fanomanana ny trano fiofanana</li>
<li>E : Evaluation na Tombana ».</li>
</ul>

Ohatra momba ny fizarana vondrona mpandray andraikitra :

<table>
<tr><th>Andraikitra</th><th>18/01/21</th><th>19/0121</th></tr>
<tr><td>Fanentanana</td><td>1</td><td>2</td></tr>
<tr><td>Fizarana vaovao</td><td>2</td><td>3</td></tr>
<tr><td>Fanomanana</td><td>3</td><td>4</td></tr>
<tr><td>Tombana</td><td>4</td><td>1</td></tr>
</table>

</td></tr>
</table>


| FOMBA FAMPITANA FIOFANANA | FAMAN-TARANA | FILANA / FITAOVANA | FAHARE-TANY (MIN) |
|---|---|---|---|
| 11. Indro misy fomba fanentanana azo arahina ahafahana manala ny elanelana.<br><br>Manao boribory, mandroso tsirairay eo ampovoany araka izay fomba fandeha tiany. Manolotra ny tenany, milaza ohatra iray izay tiany sy tsy tiany, ary mamerina indray ilay fomba fandeha ary manantona sy manondro ny mpiofana hafa hanolotra ny tenany.<br><br>12. Fitsinjarana ny vondrona : miova isan'andro ny vondrona sy ny andraikitra. Asaina misafidy ny andraikitra tiany atao ny tsirairay. Arakaraka ny isan'ny mpandray anjara ny isan'ny ao anaty vondrona, fa tokony hisy vondrona 4. | | Taratasy lehibe sy penina hanorana ny vondrona na tabilao sy tsaoka<br><br>Taratasy lehibe na pejy fitaratra mamintina ny fiofanana. | 15 min |

| LOHAHEVITRA | VOTOATINY |
|---|---|
| **Fampidirana ny fiofanana** | **2. Fametrahana ny fitsipika fiarahana mandritra ny fiofanana**<br><br>Soritana ireo fitsipi-pitondran-tena sy fiarahana mandritra ny fiofanana mba hampilamina sy hampirindra ny fiofanana.<br><br>**3. Filazana ny tiana handrasana mandritra ny fiofanana**<br><br>Asaina milaza ny tiana handrasana ny mpandray anjara tsirairay rehefa voalaza ny fampidirana ny lohahevitry ny fiofanana.<br><br>**4. Fanamorana ny fiofanana sy fanarahana ny fahazoana fahalalàna sy fahaiza-manao**<br><br>**i) Fanentanana**<br><br>- Ny fanentanana dia tanterahin'ny vondrona voafidy hiandraikitra izany, ahafahana manetsiketsika mandritra ny fiofanana ary manampy amin'ny fifantohana.<br>- Raha ilaina dia asiana fanentanana isaky ny andiany.<br><br>**ii) Famintinana isaky ny andiany ataon'ny mpampiofanana arahina fanontaniana sy arahim-baliny avy amin'ny mpiofana**<br><br>Asaina manome ny voambolana tsara ho tadidy ny mpiofana. |

| FOMBA FAMPITANA FIOFANANA | FAMAN-TARANA | FILANA / FITAOVANA | FAHARE-TANY (MIN) |
|---|---|---|---|
| 21. Rehefa hametraka ny fitsipika fifampitondrana dia :<br><br>a) Miantso solontena an-tsitrapo mandray an-tsoratra ny voalazan'ny mpandray anjara tsirairay eny amin'ny taratasy lehibe fanoratana.<br><br>b) Lazaina ny mpandray an-tsoratra hanoratra lehibe ho hita tsara, faritana isaky ny karazana fitsipika.<br><br>d) Manentana ny mpandray anjara hanolotra ny fitsipika momba ny :<br>• Ora fanombohana, famaranana, fakan-drivotra, sns.<br>• Fitsipika hifampifehezana mandritra ny fiofanana. | | Fitaovana # 1 :<br>Taratasy sy penina lehibe fanoratana<br>na<br>Tabilao sy tsaoka | 5 min |

| LOHAHEVITRA | VOTOATINY |
|---|---|
| **Fampidirana ny fiofanana** | **iii) Tombana**<br>Atao ny tombana isan'andro rehefa tapitra ny andro iray.<br>• Misy fisy ampiasaina amin'ny tombana isan'andro, izay fintinina sy atolotry ny mpiofana ny ampitso.<br>• Hatsaraina ny fiofanana araky ny fanamarihana ary homena valiny ireo fanontaniana na ireo manjavozavo.<br>Tombana farany any amin'ny fiafaran'ny fiofanana.<br><br>**iv) Fanolorana ny votoatin'ny fiofanana**<br>Atolotry ny mpampiofana ny fintina momba ny votoatin'ny fiofanana :<br>- Lohahevitra<br>- Tanjona<br>- Mpiofana<br>- Votoatiny<br>- Faharetany<br>- Fomba fiofanana<br>- Fitaovana hampiasaina<br>- Mpampiofana sy mpandray anjara hafa (fa tsy vahiny). |

| FOMBA FAMPITANA FIOFANANA | FAMAN-TARANA | FILANA / FITAOVANA | FAHARE-TANY (MIN) |
|---|---|---|---|
| 31. Filazàna ny tiana handrasana :<br>a) Asaina milaza na manoratra na maneho an-tsary ny tiany handrasana ny mpiofana tsirairay.<br>b) Apetaka amin'ny rindrina avy eo ireo taratasy na karatra misy ny hevitra ka hampiarahana izay hevitra mitovy.<br>d) Fintinin'ny mpampiofana ireo hevitry ny mpandray anjara.<br><br>41. Manolotra ny votoatin'ny fiofanana ny mpampiofana.<br>Maneho ireo fisy fanaovana tombana.<br><br>42. Manontany ny tanjon'ny Kaominina amin'ny rano, fanadiovana sy fidiovana ny mpampiofana; avy eo mandravona izany miaraka amin'ireo tanjon'ny fiofanana. | Pejy fitaratra (Diapo) #1-3 | Fitaovana #1 : Fisy tombana isan'andro<br><br>Fitaovana #2 : Fisy tombana amin'ny farany<br><br>Fitaovana #2 : Taratasy lehibe<br><br>Fitaovana #3 : Penina lehibe na "Marker"<br><br>Fitaovana #4 : Solosaina (raha afaka mampiasa izany)<br><br>Fitaovana #5 : "Vidéo-projecteur" (raha afaka mampiasa izany | 20 min |



# ANDIANY. I

## NY MPANETSIKA IFOTONY NA "PROMOTEUR LOCAL (PL)"

### Tanjona :



**Aorian'ny fiofanana, ny mpiofana dia :**


- **Mahafantatra sy mahalala ny andraikitra amin'ny maha-mpanetsika ifotony azy.**

| LOHAHEVITRA | VOTOATINY |
| --- | --- |
| **Mahakasika ny Mpanetsika Ifotony na "Promoteur Local (PL)"** | **I. Mpanetsika ifotony**<br>Ny mpanetsika ifotony dia mpilatsaka an-tsitrapo eny anivon'ny kaominina, miara-miasa amin'ny sampandraharaha misahana ny rano, fanadiovana sy fidiovana sy ireo mpanetsika ara-pahasalamana samihafa eny anivon'ny fiaraha-monina toy ny Mpanentana ara-pahasalamana na "Agents Communautaires (AC) ». Mamporisika ny tokantrano amin'ny fanatanterahana ireo fihetsika mahakasina ny rano, fanadiovana, fidiovana azo antoka sy mahasalama ary koa amin'ny fampiasana ireo tolotra mifandray amin'izany. Anisan'ny fepetra takiana amin'ireo mpanetsika ifotony ny mba ho modely mpanatanteraka voalohany ireo fihetsika voiziny.<br>Tsy voatery ho samihafa ny mpanetsika ifotony sy ny mpanentana ara-pahasalamana, fa miankina amin'ny tanàna tsirairay. Afaka miara-miasa akaiky amin'ireo mpamokatra tolotra momba ny rano, fanadiovana, fidiovana, toy ny mpanamboatra kabone, mpitantana fotodrafitrasa manome rano fisotro madio, na mpanjaitra salaka azo sasana izy ireo.<br><br>Ny Mpanetsika ifotony dia:<br>- Mponina ao amin'ny kaominina<br>- Mahay mifandray aman'olona<br>- Mahay mamaky teny sy manoratra<br>- Manatanteraka ireo fihetsika ara-pahasalamana<br>- Vonona hampifandray ireo tokantrano amin'ireo mpivarotra tolotra rano, fanadiovana, fidiovana toy ny mpitantana rano, mpanamboatra kabone, mpanjaitra salaka, sns.<br>- Olona vonona hiara-hiasa amin'ny kaominina sy izay mety ho mpiara-miombon'antoka aminy. |

| LOHAHEVITRA | VOTOATINY |
|---|---|
| **Mahakasika ny Mpanetsika Ifotony na “Promoteur Local (PL)”** | **2. Andraikitry ny mpanentana ifotony**<br>Ny mpanetsika ifotony dia manao tantsoroka tokantrano maromaro mba hahatanterahan’izy ireo fihetsika ara-pahasalamana mikasika ny rano, fanadiovana sy fidiovana. Zaraina ato amin'ity torolalana ity ireo paik’ady sy fahaiza-manao tsara tadidiana mba hanamora izany tantsoroka ho an’ny tokantrano izany. |

| FOMBA FAMPITANA FIOFANANA | FAMAN-TARANA | FILANA / FITAOVANA | FAHARE-TANY (MIN) |
|---|---|---|---|
| 11. Vakian'ny mpandray anjara ny boky "torolalana ho an'ny PL ao amin'ny pejy faha-4 sy faha-5, "Ny mikasika ny mpanetsika ifotony & ireo andraikitra tanterahiny sy ny fomba fanatanterahany azy".<br><br>• Hazavaina avy eo.<br><br>12. Manao fampiharana amin'ny alalan'ny kilalao (hakatona ny boky) :<br>- Mitsangana sy manao boribory ny mpandray anjara mandritra ny fampiharana, eo afovoany ny mpampiofana. | Boky torolalana pejy faha-4 sy faha-5<br><br>Flipshart # 3 | Soratana taratasy lehibe – Flipshart 2<br><br>Fitaovana #1 : Torolalana PL<br><br>Fitaovana #2 : Taratasy lehibe | 15 min |

| FOMBA FAMPITANA FIOFANANA | FAMAN-TARANA | FILANA / FITAOVANA | FAHARE-TANY (MIN) |
| --- | --- | --- | --- |
| - Tononina tsirairay ireo fehezanteny anaty tabilao ao amin'ny pejy faha-4 sy faha-5, ka anjaran'ny mpandray anjara no mamantatra hoe " Asa tanterahina? ? sa Tadidiana? Sa Fadiana?".<br>- Ka izay mihevitra hoe asa tanterahina dia manangana ny tanana havia, izay mihevitra hoe "tadidiana" dia manangana ny tanana havanana ary izay mihevitra hoe « fadiana » dia manao tanana an-damosina.<br><br>13. Asaina miady hevitra fohy ny mpandray anjara eto rehefa vita ny lalao. Inona no lesona azo tsohaina? | Boky torolalana pejy faha-4 sy faha-5<br><br>Flipshart<br># 3 | Fitaovana #3 : Penina lehibe<br><br>Fitaovana #5 sy #6 : Solosaina sy Vidéoprojecteur (raha afaka mampiasa izany)<br><br><br><br><br><br> | 30 min |



# ANDIANY.2

## IREO FIHETSIKA ARA-PAHASALAMANA


### amin'ny lafiny rano, fanadiovana, fidiovana sy ny tolotra mifandray amin'izany

## Tanjona :

**Aorian'ny fiofanana, ny mpiofana dia :**

- **Mahafehy ireo fihetsika amin'ny lafiny rano, fanadiovana sy fidiovana ara-pahasalamana sy ireo tolotra mifandray amin'izany.**

<table>
<tr><th>LOHAHEVITRA</th><th>VOTOATINY</th></tr>
<tr><td>Fihetsika ara-pahasalamana amin’ny lafiny rano, fanadiovana, fidiovana sy ny tolotra mifandray amin’izany</td><td>1. Fifampizarana mikasika ny lalan’ny tay mankany amin’ny vava<br><br>Natao hanafoanana ny fidiran’ny tay sy ny loto hafa any am-bava ireo fihetsika momba ny rano, fanadiovana sy fidiovana 4 fototra mifandray amin’io sehatra io ary ahafahan’ny mponina miaina ao anaty tontolo madio. Maro ny fomba mahatonga ny tay na ny loto hafa hiditra any amin’ny vava ka miteraka aretina maro toy ny aretin-kibo, ary indrindra miteraka fahatarana eo amin’ny fitomboan’ny zaza.<br><br></td></tr>
</table>


| FOMBA FAMPITANA FIOFANANA | FAMAN-TARANA | FILANA / FITAOVANA | FAHARE-TANY (MIN) |
|---|---|---|---|
| 11. Atao sary amin'ny Flipchart ny ao amin'ny Boky Torolalana Pejy faha-4, ary mbola tsy haseho ny mpandray anjara.<br><br>• Hanontaniana ny mpandray anjara hoe, "ahoana ny lalana mety ahatongavan'ny Tay tsy fidiny any amin'ny vava?"<br>• Avy eo aseho ny sary ary hazavaina amin'izy ireo<br>• Marihina avy eo fa hanapahana io lalan'ny tay any amin'ny vava io, sy lalan'ny loto hafa no antom-pisian'ireo fihetsika 4 fototra.<br>• Manaraka azy aoriana avy eo ny fihetsika faha-5 fanampiny, rehefa lasa tokantrano mpitarika noho ireo fihetsika 4 fototra ilay tokantrano. | Flipshart # 3<br><br>Flipshart # 4 | Fitaovana #1 : Taratasy lehibe na "flipchart"<br><br>Fitaovana #2 : Penina lehibe na "marker"<br><br>Fitaovana #3 : Torolalana PL<br><br><br><br> | 15 min |


| LOHAHEVITRA | VOTOATINY |
|---|---|
| **Fihetsika ara-pahasalamana amin'ny lafiny rano, fanadiovana, fidiovana, sy tolotra mifandray amin'izany** | **2. Ireo fihetsika 4 fototra sy fihetsika faha-5 fanampiny**<br><br>**i) Mampiasa kabone madio sy ara-pahasalamana**<br>Izany hoe mampiasa kabone azo diovina – misarona ny lavaka – misy fanasana tanana sy tsy hifampizarana amin'ny tokantrano hafa.<br>Ary manao ireto fihetsika ireto:<br>• Mandraraka lavenona ao anatin'ny lavaka kabone isaky ny avy mangery,<br>• Mampiasa tavimandry na (pot) ny zaza izay tsy afaka mampiasa kabone. Tsy asiana tay tavela anaty tavimandry fa ariana sy diovina avy hatrany isaky ny avy ampiasaina, ary misarona hatrany rehefa tsy miasa<br>• Manarona ny lavaky ny kabone sy/na tavimandry sy/na ny fitoeran'ny taratasy na fitaovana avy nifirana<br>• Manadio matetika ny kabone sy ny tavimandry.<br><br>**ii) Manasa tanana amin'ny rano madio sy savony**<br>Izany hoe manana fitaovana na toeram-panasana tanana miaraka amin'ny rano madio sy savony.<br>Ary manasa tànana amin'ny savony isaky ny :<br>• mialohan'ny hikarakarana sakafo<br>• mialohan'ny hisakafo<br>• mialohan'ny hamahanana na hampinonoana zaza<br>• rehefa avy mangery<br>• rehefa avy mamitra. |


| LOHAHEVITRA | VOTOATINY |
| --- | --- |
| **Fihetsika ara-pahasalamana amin'ny lafiny rano, fanadiovana, fidiovana sy ny tolotra mifandray amin'izany** | **iii) Mampiasa rano voadio sy azo antoka, ka :**<br><br>**(Any amin'ireo kaominina tsy misy foto-drafitrasa)**<br><br>Mampiasa rano avy amin'ny toerana fakana rano voaaro amin'ny loto izany hoe paompy mamatsy rano voadio azo antoka NA lava-drano misarona tsara sy miorina 20 metatra miala ny kabone, ka :<br><br>- Mampiasa ary misotro rano avy amin'ny paompy mamatsy rano voadio azo antoka na rano nampangotrahina na rano misy sur'eau<br>- Manasa ny fitaovana fatsakana amin'ny rano voadio azo antoka sy savony<br>- Manadio matetika ny fitaovana fitehirizana rano amin'ny rano voadio azo antoka sy savony<br>- Manarona ny fitaovana fitehirizana rano.<br><br>**(Any amin'ny toerana misy fotodrafitrasa)**<br><br>Manjifa ny famatsiana rano fisotro madio ataon'ny orinasa mpitantana rano; na "branchement social" io na "branchement particulier".<br><br>Misy ihany koa ireo dingana mila arahin'ny tokantrano rehefa hanasa tanana mba hampahomby izany. |

| LOHAHEVITRA | VOTOATINY |
|---|---|
| **Fihetsika ara-pahasalamana amin'ny lafiny rano, fanadiovana, fidiovana sy ny tolotra mifandray amin'izany** | **iv) Manaja ny fahadiovan'ny sakafo ka :**<br><br>Manana toerana voatokana sy voaaro amin'ny loto hanasana ny sakafo sy fitaovan-dakozia, ary :<br><br>• Manasa ny voankazo sy ny legioma manta amin'ny rano voadio azo antoka<br>• Manasa fitaovan-dakozia amin'ny rano voadio azo antoka sy savony aorian'ny ampiasana azy<br>• Mihinana sakafo masaka sy mafana<br>• Manarona ny sakafo<br>• Mampilalao ny zaza mandady sy miana-mandeha amin'ny toerana voaaro amin'ny loto, mba tsy hilalao na hahakasika maloto izy ireo (taim-biby, fako, poizina, sns.) ka hihinanany izany.<br><br>Marihina avy eo fa hanapahana io lalan'ny tay any amin'ny vava, sy lalan'ny loto hafa no antom-pisian'ireo fihetsika 4 fototra.<br><br>Manaraka azy aoriana avy eo rehefa lasa tokantrano mpitarika noho ireo fihetsika 4 fototra ny fihetsika faha-5 fanampiny.<br><br> |

| LOHAHEVITRA | VOTOATINY |
| --- | --- |
| **Fihetsika ara-pahasalamana amin'ny lafiny rano, fanadiovana, fidiovana, sy tolotra mifandray amin'izany** | **v) Fihetsika faha-5 fanampiny**<br><br>Mahay mandrindra ny fahadiovana mandritra ny fadimbolana :<br><br>Misy toerana fisasana azon'ny tokantrano ampiasaina, izany hoe efitra fisasana misy rano sy savony. Ireo fihetsika tsotra andrasana amin'ny tokantrano dia :<br>• Misasa matetika ny vehivavy sy ny tovovavy mandritra ny fadimbolana mba hitandrovana ny fahasalamana<br>• Manasa ny salaka amin'ny rano sy savony isaky ny avy ampiasaina ary manapy izany amin'ny masoandro<br>• Tsy menatra ary tsy misalasala miresaka mahakasika ny fadimbolan'ny vehivavy ny rehetra ao an-tokantrano satria voajanahary izany<br>• Ny tokantrano ahitana tovovavy na vehivavy miatrika fadimbolana ihany no resahina ity fihetsika ity.<br><br>**vi) Fihetsika faha-6 hita taratra anatin'ireo fihetsika 4 fototra sy ny fihetsika faha-5 fanampiny :**<br><br>Miara-mandray andraikitra ny lahy sy ny vavy mba hahatanteraka ireo fihetsika ara-pahasalamana mikasika ny rano, fanadiovana, fidiovana, ao an-tokantrano.<br>Ny momba io fihetsika faha-6 io dia voafaritra anatin'ireo fihetsika tsirairay eo ambony.<br>Mifandraika amin'ny lalantsaina miralenta izany. |

| FOMBA FAMPITANA FIOFANANA | FAMAN-TARANA | FILANA / FITAOVANA | FAHARE-TANY (MIN) |
|---|---|---|---|
| 12. Fifampizarana mikasika ireo fihetsika 4 fototra sy fihetsika faha-5 fanampiny Zaraina tarika 5 ny mpandray anjara :<br><br>• Tarika voalohany : Mampiasa kabone madio sy ara-pahasalamana. (Boky torolalala pejy faha-6-7)<br>• Tarika faharoa : Manasa tanana amin'ny rano madio sy savony. (Boky torolalana pejy faha-7-8-9)<br>• Tarika fahatelo : Mampiasa rano voadio sy azo antoka (Boky Torolalana pejy faha-10 - 11)<br>• Manaja ny fahadiovan'ny sakafo. (Boky torolalana pejy faha-12-13)<br>• Mahay mandrindra ny fahadiovana mandritra ny fadimbolana. (Boky torolalana pejy faha-13-14). | Flipshart<br># 4 | Fitaovana #1 sy #2 : taratasy lehibe sy penina lehibe<br><br>Fitaovana #3 : Torolalana PL<br><br> | 30 min |

| FOMBA FAMPITANA FIOFANANA | FAMAN-TARANA | FILANA / FITAOVANA | FAHARE-TANY (MIN) |
|---|---|---|---|
| 13. Manampy fanazavana ny mpanamora sady mampifandray ny FIHETSIKA sy izay MARIKA hanamarihana fa nahatanteraka ny fihetsika ny tokantrano.<br>Ohatra : Raha toa ka FELAMBONINKAZO na Grow-Up Sticker ilay marika ampiasain'ny kaominina (aseho ny sarin'ny Grow-Up Sticker), dia :<br>• Fihetsika 1 = Felam-boninkazo 1<br>• Tokantrano mpitarika = afovoan'ny voninkazo<br>• Misy fihetsika fototra 4, ka izay manatanteraka ny fihetsika fototra efatra dia tokantrano mpitarika, izany hoe felam-boninkazo 4 fototra = mahazo ny afovoan'ny voninkazo<br>• Lasa Tokantrano Mpitarika ilay tokantrano rehefa manatanteraka ireo fihetsika 4 fototra, ka hamporisihina hana-tanteraka ilay fihetsika faha-5 fanampiny. | Flipshart<br># 5 | Fitaovana 1 : Sarin'ny "Grow-Up Sticker"<br><br><br>FIHETSIKA sy ny FELAMBONINKAZO:<br>• Fihetsika 1 = Felam-boninkazo 1<br>• Tokantrano mpitarika= afovoan'ny voninkazo | 15 min |



# ANDIANY.3

## IREO TOKANTRANO HANAOVANA TANTSOROKA MANDRITRY NY HETSIKA "TOKANTRANO MPITARIKA"

### Tanjona :


**Aorian'ny fiofanana, ny mpiofana dia :**

- **Mahay misafidy ireo tokantrano hanaovana tantsoroka ny mpanentana ifotony**
- **Mahay manantanteraka ireo fomba hanaovana tantsoroka.**


| LOHAHEVITRA | VOTOATINY |
| --- | --- |
| **Ireo tokantrano hanaovana tantsoroka mandritry ny hetsika « tokantrano mpitarika »** | **1. Fisafidianana ny tokantrano**<br><br>Tokantrano manatanteraka ireo fihetsika momba ny rano, fanadiovana, fidiovana azo antoka sy mahasalama. Izay no atao hoe Tokantrano Mpitarika.<br><br>Rehefa hisafidy ny tokantrano hanaovana tantsoroka ny mpanetsika ifotony dia manome laharam-pahamehana : (1) ireo tokantrano manan-janaka latsaky ny 2 taona, satria ny tsy fanajana ny fahadiovana dia tena mampidi-doza ny zaza latsaky ny 2 taona ka misy fiantraikany ratsy amin'ny fitomboany ; (2) ireo mpikambana VOAMAMI mba ho modely hanamora ny famporisihana ireo tokantrano hafa hanatanteraka ireo fihetsika ara-pahasalamana mikasika ny rano, fanadiovana, fidiovana.<br><br>Ahafahana manatanteraka izany dia :<br><br>- Misafidy andian-tokantrano ny mpanetsika ifotony hanaovana tantsoroka ho lasa tokantrano mpitarika<br>- Ny tokantrano mpitarika dia izay mahatanteraka ireo fihetsika 4 fototra; ary rehefa mahatanteraka izany izy dia hamporisihina hanatanteraka ny fihetsika faha-5<br>- Ny tokantrano mpitarika dia omena marika toy ny felam-boninkazo na "Grow-Up Sticker" isaky ny mahatanteraka fihetsika iray. |

| LOHAHEVITRA | VOTOATINY |
| --- | --- |
| **Ireo tokantrano hanaovana tantsoroka mandritry ny hetsika « tokantrano mpitarika »** | - Ny anaran'ny tokantrano mpitarika dia atao peta-drindrina any amin'ny biraon'ny fokontany sy ny kaominina mba ho fitaratry ny fiaraha-monina na asiana famantarana maharitra manokana, toy ny loko na fambolena zanakazo na taratasy fanamarinana toy ny mari-pahaizana.<br><br>Fomba atao :<br><br>i) Mpanetsika ifotony manao tantsoroka tokantrano miisa 16 eo ho eo mba ho lasa tokantrano mpitarika mandritra ny tsingerina 1 maharitra 3 volana izay safidiana ao anatin'ny fikambanana VOAMAMI.<br><br>ii) Raha tsy misy ny VOAMAMI, ny mpanetsika ifotony dia misafidy ireo tokantrano 16 ireo, avy amin'ireto masontsivana ireto :<br><br>• NA monina ao amin'ny renivohitry ny kaominina, indrindra raha misy orinasa mitantana ny fotodrafitr'asa mamatsy rano voadio azo antoka.<br>• NA monina ao amin'ny renovihitry ny fokontany, indrindra raha misy orinasa mitantana fotodrafitrasa mamatsy rano voadio azo antoka<br>• NA/SY tanàna afaka amin'ny fangerena ankalamanjana na Open Defecation Free (ODF).<br><br>iii) Omena laharam-pahamehana ny tokantrano manan-janaka latsaky ny 2 taona. |

| LOHAHEVITRA | VOTOATINY |
| --- | --- |
| **Ireo tokantrano hanaovana tantsoroka mandritry ny hetsika « tokantrano mpitarika »** | **2. Fomba entina hanaovana tantsoroka sy hamporisihana ny tokantrano**<br><br>**A- Ny Boky fanamorana**<br><br>Mba hamporisihana ny tokantrano hiova fihetsika, dia hampisehoana sary sy hametrahana fanontaniana ary hizarana torolalana izy ireo. Ny pejy misy sary no haseho ny tokantrano ary ny pejy misy fanontaniana sy torolalana dia mitodika any amin'ny mpanetsika ifotony. Ny boky dia sady azo ampiasaina amin'ny dinika no azo ampiasaina amin'ny vangivangy.<br><br>Famakian'ireo mpandray anjara :<br><br>Misy karazany roa ny pejin'ny boky, ka :<br><br>i) Ny pejy misy sary : natao ho hitan'ny tokantrano mba hahazoany sary an-tsaina ny dingana misy azy, ny tanjona tiany ho tratrarina sy ny dingana ataony amin'izany, ahazoany ilay felam-boninkazo.<br><br>ii) Ny pejy misy fanontaniana na tari-dresaka sy toromarika : ahitan'ny mpanetsika ifotony ireo fanontaniana apetraka amin'ny tokantrano mba hanamora ny fanehoan-kevitra sy fandraisana anjaran'ny tokantrano, ka hirosoany amin'ny fiovam-pihetsika. Tsy voatery raisina an-tsoratra ny valiny. Ny mpanetsika ifotony dia afaka mametraka fanontaniana hafa mety hanamora ny fiovam-pihetsiky ny tokantrano. |

| FOMBA FAMPITANA FIOFANANA | FAMAN-TARANA | FILANA / FITAOVANA | FAHARE-TANY (MIN) |
|---|---|---|---|
| 21. Maneho sy manazava ny fomba famakiana sy fampiasana ny Boky fanamoràna ny mpanamora.<br><br>Fampisehoana izany amin'ny alalan'ny ampahan'ny boky (ohatra: aseho hoe mitodika any amin'ny tokantrano ny pejy misy sary, ary mitodika any amin'ny mpanetsika ifotony ny pejy misy taridresaka). | Boky fanamorana<br><br>Flipshart<br># 6 sy 13 | Boky fanamorana<br> | 15 min |

<table>
<tr><th>LOHAHEVITRA</th><th>VOTOATINY</th></tr>
<tr><td>Ireo tokantrano hanaovana tantsoroka mandritry ny hetsika « tokantrano mpitarika »</td><td>
B- Ny Dinika anaty vondron'olona
Fitarihina Dinika anaty Vondron'olona
Ireo tokantrano 16 hanaovana tantsoroka dia hampivoriana hiara-hidinika mialohan'ny hiarahan'izy ireo mifanampy sy mifampianatra ho fahatanterahan'ny fihetsika anankiray.
Isam-bolana dia miovaova ny fihetsika resahina ka azo hatambatra ireo fihetsika izay hita fa azo hampiarahana :
<ul>
<li>Fampiasana kabone sy fanasana tanana amin'ny rano madio sy savony</li>
<li>Fampiasana rano madio sy fanajana ny fahadiovan'ny sakafo</li>
<li>Fahaiza-mandrindra ny fahadiovana mandritra ny fadimbolana.</li>
</ul>
Ny fotoana hanaovana ny dinika dia amin'izay ora maha-afaka ireo tokantrano sy amin'ny toerana mety amin'izy ireo.
Ny tanjon'ny dinika iray dia :
<ul>
<li>Mifampizara mikasika ny fihetsika resahin'ireo tokantrano sy ireo sakana tsy ahafahana manatanteraka ireo fihetsika</li>
<li>Miara-mamaha ireo sakana ireo ny mpanetsika sy ny tokantrano</li>
<li>Mametraka fanamby hahatanteraka ireo fihetsika hifanarahana ireo tokantrano anatin'ny fotoana voafetra.</li>
</ul>
</td></tr>
</table>

| FOMBA FAMPITANA FIOFANANA | FAMAN-TARANA | FILANA / FITAOVANA | FAHARE-TANY (MIN) |
|---|---|---|---|
| 22. Famakian'ireo mpandray anjara ny Boky fanamorana pejy faha-15 sy 16. Fanazavan'ny mpanamora.<br><br>- Atao an-tsehatra ny dinika anaty vondrona : vondrona iray hanao mpanamora.<br>- Ny ambiny no vondron-tokantrano<br>- Atolotra ny mpanamora ilay ampahan'ny Boky fanamaorana na "guide de facilitateur"<br>- Asaina arahin'ny mpanamora ireo paika<br>- Omena 15 minitra ny mpanamora mba hanamora ny dinika<br>- Avy eo hajanona ny dinika ary hanontaniana ny mpanamora ny tsapany sy izay mbola ilany ezaka. Avy eo hanontaniana ny vondron-tokantrano hoe « inona tao anatin'ny dinika no tena mahatonga azy ho faly mandray anjara / maneho hevitra? inona kosa no mahatonga azy malaina handray anjara/haneho hevitra ? »<br>- Soloina indray ny mpanamora ka toy izay hatrany. | Boky fanamorana p.15-16<br><br>Flipshart<br># 8 | Pejy natonta mainty sy fotsy momba ireo fihetsika 4 fototra sy faha-5 fanampiny<br><br><br><br> | 45 min |

| LOHAHEVITRA | VOTOATINY |
| --- | --- |
| **Ireo tokantrano hanaovana tantsoroka mandritry ny hetsika « tokantrano mpitarika »** | **D- Ny vangivangy arahin-dinika**<br><br>Ny vangivangy arahi-dinika dia atao eny anivon'ny tokantrano, ary azon'ny mpanetsika ifotony ny manantateraka vangivangy iray hatrehin'ny tokantrano roa. Amin'izay fotoana izay dia mpiara-dia ireo tokantrano ireo ka hifamporisika hanatanteraka fihetsika mba ho samy hahazo felana.<br>Ny fotoana hanaovana ny vangivangy arahin-dinika, izany hoe mandritra na manakaiky ilay ora hanatanterahan'ireo tokantrano ilay fihetsika resahina.<br>Ny toerana hanaovana ny vangivangy dia manakaiky ilay toerana hanatanterahana ilay fihetsika ao amin'ny tranon'izay tokantrano hanatanterahana ny vangivangy.<br>Ny olona ao an-tokantrano tokony hiaraha-midinika, izany hoe, ireo voakasik'ilay fihetsika voalohany sy ireo mpanapa-kevitra rehetra.<br><br>Dingana fototra fanatanterahana ny vangivangy arahi-dinika :<br><br>- Fifampiarahabana<br>- Fampidirana ny hetsika ho resahina<br>- Fanatonana eo amin'ny toerana fanatanterahana ny hetsika ho resahina<br>- Fametrahana fanontaniana sy fampiasana ny boky torolàlana misy sary<br>- Fiaraha-mitafa amin'ny tokantrano ny fanapahan-kevitra raisiny mba ahafahany manatanteraka io hetsika io, toy izao : |

| LOHAHEVITRA | VOTOATINY |
| --- | --- |
| **Ireo tokantrano hanaovana tantsoroka mandritry ny hetsika « tokantrano mpitarika »** | o Fanovana eo amin'ny tontolo manodidina ilay fihetsika<br>o Fanovana eo amin'ny fahazarana<br>o Fiarahana miresaka izany amin'ny mpikambana hafa ao an-tokantrano<br><br>- Fanazavana ireo tolotra avy amin'ny mpanetsika : varotra mifanaraka amin'ny hetsika resahina<br>- Fiarahana manatanteraka ny hetsika miaraka amin'ny tokantrano ahafahana mandrefy raha hain'ny tokantrano ny manao ny fihetsika sy ny fahamoran'ny fanatanterahana izany<br>- Fiarahana mametraka fanamby sy fotoana hiverenan'ny mpanetsika ahafahan'ny tokantrano mitondra ny fiovana<br>- Fanaovam-beloma. |


| FOMBA FAMPITANA FIOFANANA | FAMAN-TARANA | FILANA / FITAOVANA | FAHARE-TANY (MIN) |
|---|---|---|---|
| 23. Fanehoana an-tsehatra ny VAD :<br>Tsinjaraina ho tarika 3 ny mpandray anjara :<br>1- Hiresaka fampiasana kabone sy fanasana tanana<br>2- Hiresaka fahadiovan'ny sakafo sy fampiasana rano voadio azo antoka<br>3- Hiresaka fandrindrana fahadiovana mandritra ny fadimbolana.<br>Anaty tarika iray dia misy mpanamora iray ary solontenan-tokantrano ny ambiny, ka hifandimbiasana ireo anjara ireo mandritra ny adiny iray.<br><br>Ny hanaovana ny resaka dia akaikin'izay toerana hanatanterahana ilay fihetsika ao amin'ilay tokantrano mampiatrano.<br>Ny vangivangy arahi-dinika dia azo hatrehin'ny tokantrano roa.<br><br>- Fizarana ny zavatra tsapa taorian'ny fampiharana. | Flipshart # 7, 8<br><br>Ny Boky Fanamorana p.16-17 | Boky fanamorana<br><br>Rano madio sy savony 1 | 60 min |


| LOHAHEVITRA | VOTOATINY |
| --- | --- |
| **Ireo tokantrano hanaovana tantsoroka mandritry ny hetsika « tokantrano mpitarika »** | Miampy ireto dingana ireto ny vangivangy arahi-dinika manaraka :<br><br>• Famerenana ny resaka farany<br>• Fanaraha-maso raha efa manatanteraka ny hetsika izay nifampiresahana ny tokantrano na tsia<br>• Fanomezana ny felam-boninkazo raha tanteraka ny fanamby napetrany na fiarahana mijery ny olana raha sanatria tsy nahatanteraka ny fanamby izy.<br><br>Tokony maharitra eo amin'ny 30 mn eo ny faharetan'ny vangivangy arahi-dinika iray raha ela indrindra. |

| FOMBA FAMPITANA FIOFANANA | FAMAN-TARANA | FILANA / FITAOVANA | FAHARE-TANY (MIN) |
| --- | --- | --- | --- |
| a) Famakiana ireo Paika manokana isaky ny fihetsika :<br><br>• Fampiasana kabone madio sy ara-pahasalamana : paika ( pejy 7)<br><br>• Fanasana tanana amin'ny rano madio sy savony: paika (pejy 10)<br><br>• Fampiasa rano voadio azo antoka : paika (pejy 12)<br><br>• Fanajana ny fahadiovan'ny sakafo : paika (pejy 13)<br><br>• Fifampizarana sy fametrahana fanontaniana mikasika ireo fihetsika ireo. | Ny Boky torolalana | Fitaovana # 1 - Boky torolalana<br><br>Fitaovana # 2 - Boky Fanamorana<br><br>Fitaovana # 3 - Rano madio sy savony iray | 10 min |

| FOMBA FAMPITANA FIOFANANA | FAMAN-TARANA | FILANA / FITAOVANA | FAHARE-TANY (MIN) |
|---|---|---|---|
| b) Fizarana lisitry ny mpivarotra/mpamokatra tolotra momba ny rano, fanadiovana, fidiovana eo amin'ny kaominina sy hevitra mikasika ny fifandraisana amin'izy ireo.<br><br>Famakiana ny pejy faha-24 anaty boky fanamorana.<br><br>Fifampizarana sy fametrahana fanontaniana.<br><br>d) Fiaraha-manasa tanana: araka ny ao amin'ny boky torolalana pejy faha-9. | Ny Boky torolalana | Fitaovana # 1 - Boky torolalana<br><br>Fitaovana # 2 - Boky Fanamorana<br><br>Fitaovana # 3 - Rano madio sy savony iray | 20 min |

| LOHAHEVITRA | VOTOATINY |
|---|---|
| **Fisy sy felam-boninkazo** | **1. Fisy mikasika ireo tokantrano Mpitarika amin'ny rano, fanadiovana sy fidiovana**<br><br>Isaky ny manatanteraka dinika dia fenoina ny :<br><br>• Fisy firaketana an-tsoratra ny dinika anaty vondron-tokantrano hanaovana tantsoraka (1) - (Fisy PL 1 ao amin'ny pejy ahitana ireo fitaovana fanampiny)<br>• Fisy fanamarinam-pahatongavana (2) - (Fisy PL 2 ao amin'ny pejy ahitana ireo fitaovana fanampiny).<br><br>Marihina fa ireo fisy ireo dia azo soloina kahie lehibe tsotra, araka ny fahefa-mividin'ny kaominina.<br>Jereo ao amin'ireo fitaovana fanampiny (Boîte à outils).<br><br>**2. Ny felam-boninkazo**<br><br>"Ny felam-boninkazo maro loko na "Grow-Up Sticker" dia karazana fitaovana iray hanamarihana fa tanteraky ny tokantrano ny fihetsika mifandraika amin'ny rano, fanadiovana, fidiovana."<br>Ny Felam-boninkazo maro loko : Felam-boninkazo miloko 1 = Fihetsika 1.<br><br>**Io Voninkazo io no marika fa tokantrano mpitarika ny Tokantrano iray. Ka, tolorana azy farany ny vonin'ny voninkazo eo afovoany mba hahafeno ny voninkazo.**<br>**Ho an'ireo fihetsika fototra 4 : Voninkazo manana felana 4 miaraka amin'ny taho.** |

| FOMBA FAMPITANA FIOFANANA | FAMAN-TARANA | FILANA / FITAOVANA | FAHARE-TANY (MIN) |
|---|---|---|---|
| 11. Fampiharana : a) Zaraina fisin-tokantrano 2 ny mpandray anjara iray ary omena boribory mavo 2 (felana fampiasana kabone madio sy ara-pahasalamana) sy boribory volomboasary 2 (felana fanasana tanana amin'ny rano madio sy savony).<br><br>Famakian'ny mpandray anjara ny boky torolalana pejy faha-19-23.<br><br>Fisy miisa 2 isaky ny tokantrano.<br><br>Haseho an-tsary tsara ny felam-bonikazo. | Flipshart # 5<br><br>Boky torolalana pejy. 17-23<br><br>FISY PL # 3<br><br>FISY PL # 4 | Hatonta amin'ny taratasy fotsy ny fisy PL 1 & 2<br><br><br><br><br><br>  | 120 min |



# ANDIANY.4





## IREO FITAOVANA ENTINA HANAOVANA TANTSOROKA NY TOKANTRANO

### Tanjona :

**Aorian'ny fiofanana, ny mpiofana dia :**

- **Mahay mameno ny fisy mpanetsika ifotony**
- **Mahay mampifandray ny famenoana ny fisy sy ny fanomezana felam-bonikazo.**

| LOHAHEVITRA | VOTOATINY |
| --- | --- |
| **Fisy sy felam-boninkazo** | Isaky ny mahafeno ireo fepetra mikasika ireo fihetsika azo antoka sy ara-pahasalamana ny tokantrano, dia fenoina ny FISY FIRAKETANA NY FAMPIHARAN'NY TOKANTRANO IREO FIHETSIKA FOTOTRA mifandraika amin'ny rano, fanadiovana, fidiovana (Fisy PL 3 sy 4 ao amin'ny pejy ahitana ireo fitaovana fanampiny).<br><br>Isaky ny manatanteraka ireo fenitra voalaza anaty fisy IHANY ireo tokantrano vao marihana (X) ny toerana tokony hanamarihana izany.<br>Ary rehefa voahaja ny fenitra rehetra vao marihana (X) anilan'ny tarehimarika, omena ny tokantrano ny felam-boninkazo mifanaraka amin'ilay fihetsika ary soratana ny daty nahazoana ny felana, avy eo asaina manao sonia sy manoratra ny anarany ny solontenan'ny tokantrano.<br><br>Marihina fa ireo fisy sy fitaovana rehetra naseho nandritra ny fiofanana dia azo hampifanarahana amin'ny zavamisy eny an-toerana (ohatra : kahie, sns.)<br><br>**Fanaovana tombana**<br><br>Mifarana eto ity fiofanana ity ka :<br>• Miroso amin'ny fanaovana ny tombana amin'ny fiafaran'ny fiofanana, izay maharitra 30 minitra<br>• Rehefa vita ny fanaovana tombana, dia afaka alamina sahady ny dingana manaraka aorian'ny fiofanana. |

| FOMBA FAMPITANA FIOFANANA | FAMAN-TARANA | FILANA / FITAOVANA | FAHARE-TANY (MIN) |
|---|---|---|---|
| a) Asaina mandray anjara mitantara ity tantara momba ny tokantranon'i Bina sy Soa ity ny mpiofana.<br><br>- Asaina fenoin'ny mpandray anjara ny fi-sin'ireo tokantrano roa ireo<br>- Hanontaniana ny mpandray anjara ny felam-boninkazo tokony ho azon'ny tokantrano tsirairay ary asaina atsangany ambony. | Boky torolalana p.18<br><br>FISY PL # 3<br><br>FISY PL # 4 | <br><br><br> | 120 min |

# Tantaran'i Bina sy Soa

*« Mpivady i Bina sy Soa. Tapa-tongotra i Soa ka mitondra tehina rehefa mamindra. Manan-janaka an'i Fara, 1 taona sy tapany sy i Jao, 5 taona, izy ireo. Manana kabone izy ireo, misy fanasana tanana sy misarona tsara, ary ny tokantranon'izy ireo ihany no tompon'ny kabone. Mitaraina i Soa fa sarotra ho azy ny mankany an-kabone satria mideza loatra ny lalana mankany. Etsy an-daniny, mazoto manasa tanana amin'ny rano madio sy savony ery i Jao fa takany ny fanasana tanana sady natoron'ny Ray aman-dreniny azy ny fampiasana azy. Manasa tanana izy ireo mandritra ny fotoana 5 fototra nifampizaran'ireo tokantrano namany taminy. Mahavatra mihitsy I Bina sy Soa, mameno rano madio sy mametraka savony akaikin'ilay fanasana tanana tsara tarehy vita amin'ny bidon mavo. Mifanolo vody rindrina amin'izy ireo i Maria, anabavin'i Bina, vehivavy tsy manambady, manan-janaka iray manokana. Nividy fanasana tanana koa izy, ary misy rano madio ao anatiny, sy savony eo akaikiny, ary isaky ny fotoana 5 fototra dia manasa ny tanany sy ny tanan-janany amin'ny rano madio sy savony eo amin'io fanasana tanana io izy. Manana fanasana tanana anankiroa izy, ka napetrany tamin'ny toerana mety ho azy sy ny vahininy rehetra ireo fanasana tanana ireo."*

Mampiasa kabone ara-pahasalamana

Manasa tanana amin'ny savony




Fahadiovan'ny sakafo

Mampiasa rano fisotro azo antoka

Fihetsika fanampiny

Miara-mandray andraikitra ny lahy sy vavy

